## Ny Valosoa sy hadihady

### Fiainam-pirenena

# Tsy nisy toy izao teto amin'ny firenena hatramin'ny naha tany ny tany

Tsy mbola nisy toy izao teto amin'ity Firenena Malagasy ity hatramin'izay naha-tany ny tany. Kivy sy miraviravy tànana ny ankamaroan'ny mpiray firenena satria nandalo teto avokoa ny loza isankarazany: ny valanaretina, ny fandrobana ny harem-pirenena na ambonin'ny tany, na ambanin'ny tany, na an-dranomasina, ny fahantrana, ny tsy fandriampahalemana. Tsy lazaina intsony ny fanararaotam-pahefana sy ny tsindry hazo lena ataon'ny mpitondra ary ny mizana tsindrin'ila. Tsy azo lavina fa fotoanan'ny doro-tanety amin'izao fiandohan'ny lohataona izao kanefa dia zava-doza loatra ny tranga ankehitriny, satria maro amin'ireo faritra arovana (aires protégées) dia lasa lavenona ny velaran-tany midadasika ary betsaka ny biby arovana sy tsy misy afa tsy eto Madagasikara no maty noho izany. Milaza anefa ny ao amin'ny Minisiteran'ny Tontolo iainana, fa hatramin'ny taona 2018 no mankaty dia tamin'ity taona ity no kely indrindra ny velaran-tany may. Ny zava-doza dia mifanohitra amin'izany ny tomban'ny fahamaizana nolazain'ity departemanta ity satria vola mitentina dimanjato sy telo arivo miliara dolara no tombany. Izingizinina fa eo amin'ny sehatry ny toekarena dia lasa lavenona avokoa izay volamena sy hazo sarobidy naondrana an-tsokosoko rehetra, satria tsy misy azo raisina intsony ireny ary tsy mitondra fivoarana sy fampandrosoana ho an'ny Firenena, fa vao mainka mampahantra azy sy ny vahoaka ao aminy. Mirazotra amin'izany ny fitrandrahana tsy aradalàna ny hazo sarobidy ataon'ny solombavambahoaka izay manome fahazona-dàlana ny tenany hanapaka sy hitatitra izany amin'ny fotoana tsy voafetra. Ny manahirana dia ho toy ilay vola amina miliara tao anaty baoritra tratra tao anaty fiaran'ity depiote ity Lanto Rakotomanga ity ihany koa ny raharaha, ka tsy hisy tohiny intsony. Ny zava-doza dia ilay mpamily ny fiara nitondra ny hazo sarobidy indray no nampidirina am-ponja vonjy maika kanefa mazava ny taratasy fahazona-dàlana voasonia sy misy tombokase. Lasa lavenona ihany koa ny volamena nataon'ny karana trafika satria dia navoaka avy any amponja ireto mpanondrana an-tsokosoko ireto, satria azo inoana fa ny vidin'izany dia efa nivadika vola ary nampidirina any amin'ny kaontin'ny mpiray tsikombakomba. Vao omaly ny omaly indray no nisy volamena tratra tany Seychelles, ka ho lasa lavenona koa, angamba, satria na dia ny filohan'ny Repoblika aza no nijabaka tamin'ny fitakiana ny famerenana izany dia tsy nisy vokany. Tsy misy valaka amin'izany koa fa lasa lavenona ireo vola nividianana "bonbons sucettes" sy "écrans plats" tamin'ny fotoana nipariahan'ny valanaretina covid-19 ireny. Telopolo sy telonjato andro sisa tavela amin'ny fepotoana itantanan' izao fitondrana izao ny Firenena kanefa dia mikopaka ny afo hiredareda amin'ny fiketrehana ny PEM ry zareo hiantsoana mpanambola hamatsy ny programa. Ny hatahorana anefa dia efa nirehitra sy lasa lavenona na lasa entona avokoa ireo velirano nataon'ny filohan'ny Repoblika, satria nahery loatra ny afo ka tsy ho sahy handoro ny volany eto ny mpanambola. Miha-mirehitra sy miredareda ihany koa ny afo eny amin'ny sampan-draharaham-panjakana isan-tokony sy eny amin'ny orinasa tsy miankina momba ireo fitakiana maro samihafa tsy nahazoana valiny mahafapo sy ny fanambanimbaniana ny mpitokona. Manampy trotraka ireo toe-draharaha ireo ny tsy fahatokisan'ny vahoaka ny fitsarana ka mahatonga ny fitsaram-bahoaka, ary ny fanaovan'ny mpitsara mizana tsindrin'ila izay miteraka fahatezeran'ny olompirenena hihàran'ny tsy rariny. Tsy menamena fotsiny intsony ny tondro refin'ny toe-draharaham-pirenena eo amin'ny sehatra rehetra fa efa manomboka mirehitra sy midonak'afo, ka ahiana ho lasa lavenona avokoa, izay mba nezahin'izao fitondrana izao nampitsiriana teto amin'ity Firenena ity.

***Andry Tsiavalona***

## Fikambanan'ny taxi FTAR

# Hanolotra an'i Clemence ho kandidà ben'ny tanànan' Antananarivo

Nivory tao amin'ny Astauria Antanimena ny fikambanan'ny taxi eto Antananarivo Renivohitra FTAR, izay tarihin'ny filohany Clemence Raharinirina. Tao anatin'izany dia nisy ny fanambaràna nivoaka, ka hevitra miisa 5 no nivoitra tamin'izany. Namoaka licence miisa 500 latsaka ny kaominina Antananarivo tenivohitra, ankehitriny anefa mbola maherin'ny 3000 izao no mbola tsy nahazo . Noho izany , takian'ny taxi ny hamoahana miaraka ireo licence mbola tavela ao amin'ny CUA . Nisy mantsy hoy Clemence Raharinirina ny fampanantenana nataon'ny ben'ny tanàna nambaboana ny taxi fa eo ho eo dia hivoaka ny taxi , nefa ankehitriny tsy izay akory no miseho . Faharoa manaraka izany , nampanantena ny ben'ny tanàna Naina Andriatsitohaina, fa tsy hisy intsony ny contre visite nandritra ny fihaonana taminy . Tato aoriana anefa dia soloina visite de conformite indray io contre visite io . Fantatray fa tsy manambola ny kaominina na alefa amin'ny zavatra hafa . Noho izany izahay taxi eto Antananarivo dia ao anatin'ny kaominina Antananarivo renivohitra , tsy mandà ny handoa vola tokony hefainay izahay , saingy kosa izay voafaritra ao anatin'ny tetibola ihany izany . Noho izany, tsy hanaiky ny hanao visite de conformité izahay . Mikasika ny Taxi moto indray, nilaza i Clemence Raharinirina fa misy ny olana eo amin'ny taxi-moto sy taxi . Noho izany , manoloana ny ahiahy amin'ny asa fanapotehana ny asan'ny taxi dia hiady hatramin'ny farany ny tsy andehanan'ny taxi moto eto Antananarivo araka ny fandaniana natao amboletra nataon'ny mpanolotsaina sy ny mpitantana ny kaominina . Noho izany hitondra ny raharaha eny amin'ny tribonaly miady amin'ny fanjakàna io lalàna natao letrezana io izahay. Eo koa ny fanangana komity hiaro ireo mpisehatra ao anatin'ny taxi ville. Tadiavina atao eny amin'ny tobim-piantsonan'ny taxi ny taximoto, ka tsy hanaiky izany izahay . Farany , nanambara ny mpikambana FTAR , fa manoloana ny antsojay atao aminay taxi dia vonona ny taxi hanolotra any Clemence Raharinirina ho kandidà ben'ny tanànan'Antananarivo amin'ny fifidianana ho avy ary hanohana azy amin'ny fanatanterahana izany.

***Helisoa***



*Ireo mpanao taksi ao amin'ny FTAR tetsy Antanimena.*

## Holafitry ny Mpisolovava

# Nihoatra ny 2000 ny fiarovana maimaimpoana nataony tamin'ny 2021

Mankalaza ny faha-85 taonany ankehitriny ny Holafitry ny Mpisolovava eto Madagasikara. Fankalazana izay efa nentina nitety ireo renivohi-paritany 6 miampy an'i Antsirabe sy Ambatondrazaka. Anio alakamisy sy zoma 13 sy 14 oktobra 2022, dia hisy ireo hetsika famaranana izany fanamarihana ny tsingerin-taona izany. Ny alakamisy maraina dia hisy ny valandresaka arahina ady hevitra, ao amin'ny Hémicycle ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny. Ny zoma maraina, dia hisy filaharana ho ataon'ny mpisolovava, arahan'ny fametrahana takelaka fahatsiarovana ny faha-85 taona. Ny alin'ny zoma 14 oktobra 2022, dia hisy ny alin'ny Holafitra (Nuit du Barreau) eny amin'ny Hôtel Cinq Etoiles eny Ivato.



*Ny filohan'ny holafitry ny mpisolovava, Alain Raondry.*

85 taona izay no nanaovan'ny mpisolovava malagasy, araka izay tratrany, ny fiarovana maimaimpoana. Raha tamin'ny taona 2021 fotsiny no zohina dia efa mihoatra ny roa arivo ny fiarovana natolotry ny Holafitra maimaimpoana, na antsoina hoe « commission d'office ».

Raha araka ny andininy voalohany amin'ny lalàna 2001-006, tamin'ny 9 aprily 2003 anefa dia manana andraikitra « manolotsaina ny olon-tsotra na fikambanana » ihany koa ny mpisolovava. Izy irery no asa mpanolotsaina amin'ny lafiny lalàna amin' ny ankapobeny izay voafaritry ny lalàna. Araka izany, dia misy ihany koa y ny mpisolovava manome torolalana sy torohevitra mamaimpoana, eny amin'ny Fitsarana ambony rehetra manerana ny Nosy.

Vitsy dia vitsy ny olon-tsotra misitraka an'io torohevitra maimaimpoana io noho ny tsy fahalalana ny fisiany, ny tsy fahatokisana ny Fitsarana intsony, ny fahatahoran'ny olontsotra miditra ny Fitsarana, ny famerana ny fidirana ao amin'ny Fitsarana, sns…

Toa lasa voatokana ho an'ireo manam-bola ihany ny fahazoana ny torohevitra amin'ny lafiny lalàna. Tsy mahalala ny zony intsony ny vahoaka Malagasy ka miteraka ny fanjakazakan'ireo mpanankarena amin'ny lafiny rehetra.

Hiezaka hatrany hitondra ny anjara birikiny, araka izay tratrany anefa ny Holafitry ny mpisolovava, hoy ny filohany Alain Raondry, ho fiarovana ny tombotsoam-pirenena.

***Isambilo***

## TONONKALO

### NY MIARAMILA SY ZANDARY

Ny miaramila sy zandary dia tsy ny olona tsy marina,
Ampiasain`ireo lehibeny mba hiarovana kapoaka,
Tsy iretsy jiolahy sy antokon` olona nozarina
Mba hiaro ireo rehetra izay naloan`ny vahoaka.

Ny miaramila sy zandary dia tsy ny olo-maizin-tsaina
Tia mamono iretsy hafa tsy mitovy hevitra aminy,
Ary koa tsy sanatria ireo efa tena ratsy fiaina,
Ka ny fahorian`ny hafa no lalainy sady maminy.

Ny miaramila sy zandary dia tsy `reo mpipetrapetraka
Toy ny olona tsy an`asa , tsy mahita izay hombàna,
Tsy ireo nokaramaina mba hamono sy hihetraketraka
Ka mirotsaka ho sakaizan`ny mpanongam-panjakana.

… Ny miaramila sy zandary dia tsy `reo hitazantazana ,
Fa ho mpiaro ny vahoaka sy ho mpiaro ny fananany.
Hampanaja ny LALÀNA sady HO AN`NY TANINDRAZANA ,
Izay no tena velirano sady teny fianianany.

***TSIMIMALO (08-10-22)***